
MAHITA
AN'I
JESOSY
Fahitan'i Ellen G. White voarakitra ao
amin'ny *Early Writings*, pp. 79-81



Toy ny tao anatin'ny fahakiviana lalina aho, nanakona ny tavako tamin'ny tanako, ary izao no tao an-tsaiko:

Raha teto an-tany i Jesosy, dia ho nanatona Azy aho, hiantoraka eo an-tongony, ary hitantara Aminy ny fahoriako rehetra. Tsy hanosi-bohon-tanana ahy Izy fa hiantra ahy, dia ho tia sy hanompo Azy mandrakizay aho.

Tamin'izay indrindra no nivoha ny varavarana, ary nisy olona tsara tarehy sy bikana niditra. Nijery ahy tamim-pangorahana izy ary nilaza hoe: "Maniry ny hahita an'i Jesosy ve ianao? Eto Izy, ary azonao atao ny mahita Azy raha irinao. Ento izay ananananao rehetra, ka manaraha ahy."





Fifaliana tsy hay tononina no tsapako raha nandre izany; nangoniko ireo fananana madinika nananako sy ny zava-tsarobidy rehetra, ary nandeha nanaraka ilay mpitari-dalana ahy aho.








Nentiny teo amin’ny tohatra iray miakatra sy toa marefo aho.
Rehefa nanomboka niakatra ireo zana-tohatra aho, dia nanome toro-marika ahy izy mba hifantohan'ny masoko eny ambony andrao fanina aho ka hianjera.
Marobe ireo hafa izay nandeha tamin'io fiakarana sarotra io no nianjera raha tsy mbola tonga teny amin'ny farany akory.

Tonga teny amin'ny zana-tohatra farany izahay ary nijoro nanoloana ny varavarana.



Teo, dia nilara Tamiko ilay mpitari-dalana ahy mba hamela ireo zavatra rehetra nentiko. Napetrako tamim-pifaliana izany.

Nosokafany ny varavarana ary nasainy niditra aho.





Vetivety teo dia nijoro teo anatrehan'i Jesosy aho. Tsy misy isalasalana ny amin'io endrika kanto io. Tsy misy manana fahatsaram-panahy sy fiandrianana mamirapiratra tahaka izany ankoatra Azy.

Rehefa nibanjina ahy Izy, dia fantatro avy hatrany fa fantany avokoa ireo toe-javatra teo amin’ny fiainako sy ny eritreritro ary ny fihetseham-poko.





Niezaka niery ny fijeriny aho, satria tsy nahazaka ny masony mandinika. Saingy nanatona ahy tamin-tsiky Izy, ary nametraka ny tanany teo amin’ny lohako, ka nanao hoe: “Aza matahotra.”

Nampientanentana ny foko tamin'ny fifaliana tsy mbola niainako hatrizay ny fandrenesana ny Feony mamy dia mamy.



Faly loatra aho ka tsy nahaloa-bava, nefa, fifaliana tsy hay ambara no nameno ahy ka niankohoka teo an-tongony aho.

Raha niankohoka teo tsy nanan-kery aho, dia hatsaran-tarehy sy voninahitra no nandalo teo imasoko, ary toa ny efa tonga tao amin'ny toerana azo antoka sy feno fiadanan'ny lanitra aho.



Rehefa elaela dia niverina ny heriko, ka nitsangana aho. Mbola nijery ahy hatrany ny masom-pitiavan'i Jesosy, ary nameno fifaliana ny fnahiko ny tsikiny. Nameno ahy tamin'ny fanajana masina sy fitiavana tsy hay lazaina ny fanatrehany.

Nosokafan'ilay mpitari-dalana ahy ny varavarana, ka niaraka nivoaka izahay.

Nomeny torimarika aho handray indray ireo zavatra rehetra navelako teo.







**Avy eo, dia natolony ahy ny tady maitso voavona madinika. Dia nomeny toro-marika aho hametra azy eo akaikin’ny foko, ka rehefa maniry hahita an’i Jesosy aho, dia handray azy avy ao an-tratrako ka hanatsotra azy hatramin'ny farany. Nampitandrina ahy izy mba tsy hamela azy hivona eo mandritra ny fotoana maharitra, fandrao hifamatotra ka sarotra ny manatsotra azy.**





Napetrako teo akaikin’ny foko ilay tady ary tamim-pifaliana no nidinako ilay zana-tohatra ety, sady nidera ny Tompo ary nanambara tamim-pifaliana tamin’izay rehetra nifanena tamiko ny toerana hahitany an’i Jesosy.

Nanome ahy fanantenana io nofy io. Maneho finoana ao an-tsaiko ilay tady maitso, ary nanomboka namirapiratra teo amin'ny fanahiko izay ao anatin'ny haizin'ny alina ny hatsarana sy ny fahatsoran'ny fitokiana amin'Andriamanitra.

